

A Inona no hevitra ny hoe “fa Kristy no faran'ny lalàna” (Romana 10:4)?

- ❖ Kristy no tanjona na antom-pisian'ny lalàna. Galatiana 3:24.
- ❖ Kristy no fahatanterahan'ny lalàna. (Matio 5:17)
- ❖ Kristy no faran'ny lalàna ho fitadiavam-pamonjena. Romana 6:14.

B Narian'Andriamanitra ve ny Israely olony (Romana 11:1-6)?

- ❖ Nandany ny andro-pahasoavany ny firenena Jiosy; nandà ny Filazantsara izy ireo rehefa nitora-bato an'i Stefana (Daniela 9:24-27).
- ❖ Kanefa, Andriamanitra –tamin'ny fifidianany amin'ny fahasoavana– dia namela sisa ho an'ny tenany, koa dia afaka mahazo famonjena izy.

D Nahazo fotoana mety hafa hahazoana famonjena ve ny vahoaka Jiosy (Romana 11:11-15)?

- ❖ Ny Jiosy izay nandà ny Filazantsara dia afaka ny hanaiky izany, rehefa nahita ny Jentilisa nahazo ny famonjena izay efa nolaviny.

E Inona no tian'i Paoly hampianarina amin'ny ohatry ny hazo oliva sy ny sampany (Romana 11:16-24)?

- ❖ Ny hazo oliva sy ireo sampana:
 - Ny fototra: Kristy.
 - Ny hazo oliva: Ireo sisa.
 - Ny sampany: Ireo izay anisan'ny sisa.
 - Ireo sampana natsofoka: Ny Jentilisa izay nandray ny Filazantsara.
 - Ireo sampana notapahina: Ny Israelita izay nandà ny Filazantsara.
- ❖ Tsy tokony hirehareha ny Jentilisa ary hanamavo ny Jiosy.
- ❖ Ireo Jiosy izay nandà ny Filazantsara dia mbola afaka mandray izany indray ankehitriny.
- ❖ Mety ho very amintsika ny famonjena ary afaka ho azo indray.

F Inona ny hevitra ny hoe “hafenoan'ny Jentilisa” sy ny hoe “hovonjena avokoa ny Israely rehetra” (Romana 11:25-26)?

- ❖ “Mandra-piditra ny hafenoan'ny jentilisa” dia midika hoe notoriana manerana an'izao tontolo izao ny Filazantsara (“amin'ny firenena sy ny fokom-pirenena sy ny samy hafa fiteny ary ny olona rehetra” Apok.14:6)
- ❖ Ny Jentilisa tsirairay (sampana natsofoka) sy ny Jiosy (sampana natsofoka indray) izay mandray ny Filazantsara dia tonga anisan'ny Israely ara-panahy (ny hazo oliva). Ny Israely ara-panahy dia ny “Israely rehetra” izay ho vonjena amin'ny Andro Farany.

G Ahoana no nisehoan'ny famindrampon'Andriamanitra? Romana 11:28-36.

- ❖ Maniry ny handrotsaka ny famindram-pony, ny fitiavany ary ny fahasoavany amin'ny olona tsirairay Andriamanitra.
- ❖ Miankina amintsika ny fanekena izany famindram-po avy amin'Andriamanitra izany sy ny fizarana izany amin'ny hafa. Olona maro no afaka mahafantatra ny amin'izany sy manaiky izany.